COMMUNE ISALO

DISTRICT MIANDRIVAZO

FARITRA MENABE

1-4 Février 2012

Fizahan-takelaka

FIZAHAN-TAKELAKA 2
FIZOTRY NY ATRIKASA 3
TENY FANOLORANA 4
TANTARA 5
FIZOTRY NY ATRIKASA 6
TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA 9
TOVANA B : LISITRY NY MPANDRAY ANJARA 11
TOVANA D : DRAFITS'ASA ISALO 13
TOVANA E – FAMINTINANA NY TOMBAN'NY ATRIK'ASA 33

FIZOTRY NY ATRIKASA

FANAZAVANA NY FIFANINANANA LEHIBE NASIONALY SY ATY AMIN'NY FARITRA ATSIMON'IAFRIKA

FAMPIASANA SY FAMPIHARANA

HEVITRA NIVOAKA NANDRITRA NY ADY HEVITRA

MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA IFOTONY

NY FANDRAVONANA NY DISADISA

NY MIRALENTA SY NY FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO ARY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA

FANOMEZAN-DANJA NY ASA FIKARAKARANA MARARY

Tombana momba ny drafitr'asa miralenta sy ady amin'ny herisetra teo aloha sy fampidirana ireo fandaharam-piofanana vaovao ao anatin'ny drafitr'asa

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

TOVANA B – LISITRY NY MPANDRAY ANJARA

TOVANA D : DRAFITR'ASA ISALO

TOVANA E – FAMINTINANA NY TOMBAN'NY ATRIKASA

Teny fanolorana

NY 01 – 04 Febroary 2012, dia tafavory tao amin'ny EPP Isalo ny mpiaramiombon'antoka amin'ny fampandroana ny kaominina. Izany atrik'asa izany dia natao hanohizana ny dingana efa vita ary koa natao mba hanazavana ny fifaninanana fahatelo izany karakarain'ny Gender Links.

Ireo mpandray anjara dia nahitana ny solontena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpanolo-tsaina, ny solontena avy eny anivon'ny fokontany, tompon'andraikitry ny fampandrosoana.

Ny anton'ny atrik'asa dia noho ny fampidirana fandaharam-piofanana hafa toy miralenta sy ny fampandroana ara-toekarena, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana ady sy disadisa ary ny VIH/ SIDA.

Anisan'ny zava-dehibe natao tamin'io koa ny fanaovana tomban'ezaka tamin'ny drafitr'asa momba ny fametrahana ny miralenta eny ifotony sy ny ady amin'ny herisetra ary nahafahan'ny Kaominina nampiditra ireo zavatra hita fa mampadroso tamin'ny fandaharana vaovao izay efa voalaza tetsy ambony.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadihana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiara-miombonantoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'ny Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalàna hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitomboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra. Mbola nisy koa io fivoriana an-tampony io tamin'ny volana Marsa 2011 ary amin'ity taona ity izany hoe taona 2012 dia ny volana Aprily no anaovana azy.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanazavana ny fifaninanana lehibe nasionaly sy aty amin'ny faritra Atsimon'Iafrika

Tsy ny mpiatrika ny atrik'asa ihany no nahazo tombontsoa tamin'ny fanazana ny fifaninanana andiany faha telo fa teo koa ireo mpiaramiobon'antoka, fikambanana maro samihafa ary koa olon-tsotra. Betsaka ny vonona hilatsaka ho mpifaninana taorian'io fampafantarana io. Taorian'io dia nisy ny fizarana ireo antontan-taratasy ahafahana mirotsaka ho mpifaninana.

Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin'ny miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa rehefa vita ny fanazana ny fifaninanana. Fanontaniana ny hevitr'olona manokana no nitondrana ny fandaharana. Notohizana tamin'ny asa isam-baomiera mba ahafantarana marina ny olana misy eny amin'ny kaominina tsirairay avy momba ny miralenta sy ny fampadrosoana eny ifotony. Taorian'io dia niditra avy hatrany tamin'ny fandravonana disadisa, ny fiovaovan'ny toetr'andro, fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary ary ny fanaovana ny drafitr'asa no namaranana ny atrikasa.

Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena ifotony:

Fitanisana ireo fomba fihariana misy any an-toerana :

- Rary
- Zaitra
- Fiompiana trondro
- Fakana fasika
- Manarato trondro sy mivarotra azy
- Varotra
- Mamboly tongolo
- Mamboly tsaramaso

Fandaminana ny fomba fihariana (établissement budget)

Fandravonana drafitr'asa mahomby

Betsaka ny olona hita teo amin'ireo sehatra. Nefa misy ny sakana tsy hahafahan'ny vehivavy mandray anjara amin'izany, ka anisan'izany ireto manaraka ireto:

- Tsy fahampian'ny enti-manana
- Tsy fahampian'ny fitaovana
- Tsy fahampian'ny fahalalana sy traikefa
- Tsy fananana vola ahafahana mampiodina ny asa
- Tsy fahampian'ny fiofanana amin'ireo sehatra ireo

- Tsy fisian'ny lalam-barotra

Manoloana izany rehetra izany dia manana andraikitra betsaka ny kaominina mba hanamaivanana sy hamahana ireo. Nisy ny vahaolana naroson'ny kaominina tsirairay:

- Fitadiavana mpamatsy vola hividianana fitaovana
- Fitadiavana fiaraha-miasa amin'ny teknisianan'ny fambolena sy ny fiompiana mba hijara traik'efa
- Fijarana masom-boly ho an'ny mpamboly
- Fitadiavana lalam-barotra ho an'ny mpamokatra

Ny Fandravonana ny disadisa:

Anisan'ireo olana mateti-pitranga sy saro-bahana eny anivon'ny kaomina ny resaka ady tany ka io no nentina nitarihana ny mpandray anjara mba hilaza ny tokony ataony raha misy io tranga io. Izany ihany koa no nentina nijerena ny fahalalan'ny tompon'andraikitra eny anivon'ny kaominina momba ny fandravonana ady sy disadisa.

Nanao izay azony natao ho famahana ny olana ireo tompon'andraikitra ary rehefa avy nandray anjara ny rehetra ny hita fa tokony jerena ny lalàna sy ny fiarahamonina rehefa misy fandravonana disadisa.

Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro ary ny fampandrosoana maharitra:

Hiaraha-mahalala ny fiovaovan'ny toetr'andro amin'izao fotoana izao ka tsy dia sarotra ho an'ireo mpandray anjara tao anatin'ny fiofanana loatra ny nahazo ny atao hoe: fiovaovan'ny toetrandro. Rehefa vita ny fanazavana ny fandaharana sy ireo fifanarahana nasiônaly sy iraisam-pirenena natao sonia, ny paik'adin'ny fanjakana Malagasy momba ny fiovaovan'ny toetrandro. Nahatsapa ny kaominina tsirairay avy fa manana andraikitra amin'ny fampihenana ny fiatraikan'io amin'ny vahoaka ary koa amin'ny fametrahana lamin'asa ahafahana miatrika io fiovavovan'ny toetrandro. Manoloana izany dia nanapan-kevitra ny kaominina fa hanatanteraka ireto manaraka ireo:

- Fambolen-kazo
- Fanaraha-maso ny hazo voavoly
- Fanentanana ny olona amin'ny fikojakojana ny ala
- Fahampafatarana ny olona ny voka-dratsin'ny doro tanety sy tavy
- Fananganana vaomiera manokana momba ny fijena ny ala sisa.

Fahasalamana:

Na dia tsy mbola manana CSB II aza ny kaominina dia efa misy vaomiera manokana manentana ny olona mba hitandrina satria mbola betsaka ny olona tsy mino an'io fisian'ny

VIH/ SIDA io, Efa nisy koa teto amin’ny kaominina fijerena maimaimpoana ny aretina VIH/SIDA.

Ny azon’ny kaominina atao dia ny manentana hatrany ny olona mba hanao fitiliana ary koa mba mampahafantatra io fomba fisoroana ny fihanaky ny aretina VIH/SIDA.

Tombana momba ny drafitr’asa miralenta sy ady amin’ny herisetra teo aloha sy fampidirana ireo fandaharam-piofanana vaovao ao anatin’ny drafitr’asa:

Efa manana drafitr’asa momba ny miralenta sy ny ady amin’ny herisetra ny kaominin’ Isalo, kanefa noho ny fisian’ny fandraharana vaovao izay hita fa mametraka ny miralenta sy ny ady amin’ny herisetra eny ifotony, dia nampidirina tao anatin’ny drafitr’asa ny politika hatao momba ny miralenta sy ny fampandrosona eny ifotony, fiovaovan’ny toetr’andro, fandravonana disadisa ary ny fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary. Teo koa ny fanaovana jery todika ny drafitr’asa teo aloha ary ny fijerena manokana ny asa vita, ny eo andalam-pahavitana.

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA

Firenena: Madagasikara

Kaominina: Isalo

Daty: 01 - 04 Febroary 2012

Ora	Daty	Iza(Tompon'andra ikitra)
	01 Feboary 2012	
08h-8h 30	Fandraisana	GL
8h 30h- 10h	Fanazana momba ny fifaninanana andihan'ny faha 3	GL
10h- 10h 30	Loh 1: Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena eny ifotony	GL
10h 15- 10h 30	**Pause café**	
10h 30 - 12h30	Asa isam-baomiera	Ny mpiofana
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h -15h	Tatitra	GL
15h-15h30h	Loh 2 : Fandravonana ady sy ny disadisa	GL
15h30-16h	Asa isam-baomiera	Ny mpiofana
16h- 16h 15	**Pause café**	
16h 15- 17h	Tatitra	GL
	02 Feboary 2012	
8h30-9h	Loh 3: Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetr'andra ary ny fampandrosoana maharitra	GL
9h – 9h 30	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
9h30 -10h 15	Tatitra	
10h15 – 10h 30	Pause café	
10h 30- 11h	Loh 4: Fanomezan-danja ny fikarakarana marary	Ny rehetra
11h- 11h 30	Atrik'asa isam-baomiera	
11h 30- 12h	Tatitra	
12h – 12h 30	Tombana momba ny drafitr'asa sy fampidirana ireo asa tokony ho ataon'ny kaominina izay vohadinika nandritry ny fiofanana	Ny mpiofana

12h 30- 14h	**Sakafo**	
14h30- 16h	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
16h15 – 16h 30	**Pause café**	
16h30- 17h	Asa isam-baomiera	Ny rehetra
17h- 17h15	Famintinana sy tombana	Ny rehetra

TOVANA B : LISITRY NY MPANDRAY ANJARA

Fandaharana: Stage 7-8
Firenena: MADAGASCAR
Toerana :
Daty:
Salle
FICHE DE PRESENCE

N°	Anarana sy Fanampiny	SEXE	Toerana ihandreketanan	Andraikitra	TEL	Mail
01	Lezo		Commune	Pdt Conseiller		
02	Lalasoa		Fokontanay	FK Anjarasoa		
03	Cathérine		Fokontany	FK Mpanentana		
04	Meline		Fikambanana	Présidente		
05	Celine		Fokontany	FK		
06	Tolora Josiane		Fokontany	Fk		
07	Roger		Fokontany	FK VV		
08	Rabenahoavy		Fokontany	Chef de FKt		
09	Jean		Fokontany	Komity		
10	Marelemy			GRD		
11	Razanadravao Josephine			Mpamboly		
12	Radoson Réné			Formateur		
13	Tozafy			Chef de FKt		
14	Randriamanjary Radoanony Malala			SG PFH		
15	Ralatomanana			Chef de poste		
16	Rakantonirina Josephine			Mpamboly		
17	Jean Claude			Adjoint FKT		
18	Tsianegnena Célestine			Filoha lefitra		

19	Razasoa			Filoha lefitra		
N°	Anarana sy Fanampiny			Andraikitra		
20	Marie José			Mpikambana		
21	Zafinome			Mpikambana		
22	Rasoanandrasana			Mpitahiry vola		
23	Ravonoro Berthine			Filoha		
24	Raveloarisoa Christine			Trésorier		
25	Razanafena Nirina			Filoha		
26	Fatoma			Mpikambana		
27	Bakolinirina			Bemirai		
28	Resaka Mirieth			Bemirai		
29	Mamy			Bemirai		
30	Mana			Bemirai		
31	Jorosoa			SG		
32	Soavy			Kaominina		
33	Ramandalahy			PS SAHA		
34	Ramanana			Mpamboly		
35	Mima			Mpamboly		
36	Razandrakoto Noeline			Conseiller Gender Links		
37	Bao Jean			STC CR		
38	Ndrova			Police		
39	Rafanomezantsoa Rolland			Chauffeur		

Isan'ny lahy sy ny vavy

Lahy	19	48,72
Vavy	20	51,28
Totaly	39	100

TOVANA D : DRAFITS'ASA ISALO

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana,valio ireo fanont aniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra*** *– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ETO AMIN'NY KAOMININA ISALO HAHATONGA AZY HO IVON-TOERANA MENDRIKA MIKASIKA NY FAMPIHARANA NY MIRALENTA SY NY ADY ATAO AMIN'NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
DRAFITRA'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA					
Drafitrasa ho enti-miasa ho an'ny Kaominina ho fampiharana ny miralenta amin'ny fitantanana sy entina miady amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy. Izany dia mifanaraka amin'ny politikam-pirenena momba ny miralenta sy ny tanjona 28 amin'ny fenitrin'ny SADC	Fidinana isam-pokontany ho fampahafantarana ny fenitrin'ny SADC sy ny endrika fampiharana izany eto anivon'ny Kaominina	Kaominina Fokontany Fikambanana Mpampiofana	Tsy mahafantatra ny fenitrin'ny SADC mikasika ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra ny mponina Tsy manana drafitr'asa mazava momba ny fampanjakana ny miralenta ny	Mahafantatra ireo fifanarahana mikasika ny miralenta ny 100% ny vahoaka lahy sy vavy ao amin'ny CR Voarafitra ny drafitrasa ary	Novembre 2011 à Novembre 2012

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
			Kaominina Tsy misy rafitra miady amin'ny herisetra	misy tetibola ho enti-miasa Mitsangana ny Komity miady amin'ny herisetra ary matihanina ny mpikambana ao anatiny	
I-FITANTANANA					
Représentation					
Famporisihana ny vehivavy hirotsaka amin'ny fifidianana isan'ambaratonga mba ho azo antoka ny fahatratrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry ho 50% ny tahan'ny vehivavy mitana andraikitra amin'ny sehatra mpanampan-kevitra amin'ny taona 2015.	Fanentanana eny ifotony hanazavana ny vahoaka ny tombotsoa ho azo raha mifandaja ny isan'ny lahy sy ny vavy amin'ny rafitra mpanampan-kevitra Fandresen-dahatra ny vehivavy ho sahy hirotsaka amin'ny ffidianana sy fanomezana torolalana momba ny dingana arahana raha hirotsaka Fanamorana ny fahazoana karam-panondro ho an'ny	Distrika Kaominina Fokontany Filohan'ny Fikambanana Mpiara-miombon'antoka Mpampiofana	Mbola vitsy ny vehivavy ato amin'ny Birao mpanatanterakin'ny Kaominina sy ny Mpanolo-tsaina : (1/5)	Tokony hisy vehivavy 1 hilatsaka ben'ny tanàna, 5 sefo fokontany, 3 filan-kevitra kaominaly amin'ny 2012 100 % ny vehivavy ampy taona dia manana karam-panondro	Novembre 2011 à Novembre 2012

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	vehivavy mba hananany zo hifidy				
Fandraisana anjara					
Fahazoana antoka fa avo sasakin'ny isan'ny lehillahy hatrany ny isan'ny vehvavy amin'izay fivoriana atao	Fanentanana ny vehivavy ho sahy hilaza ny heviny : fampiofanana momba ny fanehoan-kevitra sy fandresen-dahatra	Kaominina Fokontany Fikambanana Mpampiofana	Mbola vitsy ny vehivavy mamonjy fivoriana sy mandray fitenenana	Ny 50 % ny vehivavy eo amin'ny Kaominina dia mandray anjara amin'ny fivoriana na eny amin'ny fkt na eny @ Kaominina	**Ezaka mitohy**
Fahazoana antoka fa ny hetahetan'ny vehivavy eo amin'ny lafiny sosialy sy toekarena dia voatsinjo hatrany amin'ny fanampahan-kevitra izay raisin'ny Kaominina	Fanaovana jerisava ny tombotsoan'ny vehivavy amin'ny lafiny sosialy sy toe-karena ary famaritana paikady momba izany	Kaominina Fokontany Fikambanana Mpampiofana	Tsy fantatra mazava ny hetahetan'ny vehivavy eo amin'ny Kaominina	Paikady ampiroboroboana ny tombotsoa ara-tsosialy sy ara-toekarena ho an'ny vehivavy	**Novembre 2011**
Fandresen-dahatra ny lehilahy hanaja ny miralenta	Fampiofanana ny lehilahy isam-pokontany momba ny fomba fijery miralenta	Kaominina Fokontany Mpampiofana	Tsy resy lahatra momba ny miralenta ny lehilahy	Ny lehilahy rehetra dia mamporisika ny vehivavy handray andraikitra	**Ezaka mitohy**
Fandraisan'anjaran'ny vahoaka					
Fahazoana antoka fa mandray anjara amin'ny asa rehetra eo anivon'ny Kaominina ny lahy sy ny vavy ary fanafoanana ny raiki-tampisaka	Fanaovana jerisava ireo raiki-tampisaka momba ny maha lahy na ny maha vavy mampiavaka ny Kaominina	Kaominina Fokontany Fikambanana Mpampiofana	Mbola maro ny raiki-tapisaka izay vato misakana ny fampiharana ny miralenta amin'ny	Mandray anjara feno ny lahy sy ny vavy amin'ny asa rehetra eny ifotony	**Ezaka mitohy**

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
			fampandrosoana		
	Fanentanana isam-pokontany hialana amin'ny raiki-tampisaka nefa tsy mampandroso ny fandraisan'anjara feno ny lahy sy ny vavy amin'ny fampandrosoana	Kaominina Fokontany Fikambanana Mpampiofana			**Ezaka mitohy**
II- LAMIN'ASA					
Laminasa momba ny fampandrosoana eny ifotony (gouvernance locale) mampihatra ny miralenta, mijery ny tombotsoa manokan'ny vehivavy sy ny lehilahy	Fandrafetana ny laminasa miainga amin'ny paikady ampiroboroboana ny tombotsoan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny lafiny ara-tsosialy sy ara-toekarena ary andraisan'ny solotenan'ny vehivavy isam-pokontany anjara	Kaominina Fokontany Fikambanana Mpampiofana	Tsy manana laminasa mijery ny miralenta ny Kaominina	Laminasa (paikady, asa atao, fe-potoana, tondro zotra) mijery ny miralenta ary nandraisan'ny solotenan'ny vehivavy isam-pokontany anjara	**Novembre 2011**
III-NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY					
Vonjy taitra					
Toe-karena sy famoronana asa					
Fanomezana asa ho an'ny vehivavy ary tantsoroka ho an'ny vehivavy mpandraharaha mba ho matihanina amin'ny asa ataony	Fanentanana ny vehivavy hiroso amin'ny fandraharahana ary fampahafantarana ny fepetra ilaina amin'izany	Kaominina Fokontany Fikambanana Mpiara-miombon'antoka Mpamatsy vola madinika (IMF)	Tsy manana traikefa ny vehivavy amin'ny fandraharahana	Ampy fahaiza-manao ny vehivavy amin'ny fitantanana ny asa aman-draharahany	**Ezaka mitohy**

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	Fampiofanana ny vehivavy ho matihanina amin'ny anton-draharaha izay ataony sy fanampiana azy amin'ny fandrafetana Business plan				Janvier 2012
	Fanomezana tosika ara-bola ny tetikasan'ny vehivavy na fampifandraisana amin'ny mpampindram-bola madinika ny vehivavy mpandraharaha		Sarotra ho an'ny vehivavy ny mandrafitra tetikasa sy Business plan	Mahaleo-tena ara-bola ny 50 % ny vehivavy amin'ny taona 2015	Janvier2012
	Fanaovana fanadihadiana izay loharanon-karena azo trandrahana eo amin'ny Kaominina		Tsy ampy ny antontan-kevitra sy antontan-kisa momba ny loharanon-karena azo trandrahana eo amin'ny Kaominina	Mazava ny politikam-pampandrosoana ara-toekarena ny Kaominina izay mitsinjo ny miralenta sy vondron'olona sahirana	Janvier 2012
	Fitadiavana mpiara-miombon'antoka amin'ny fanatsarana ny foto-drafitrasa ara-toekarena eo amin'ny Kaominina : toha-drano,		Tsy manana foto-drafitrasa ara-toekarena manaram-penitra ny Kaominina		Janvier 2012

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	trano fitehirizam-bokatra, tsena, lalana				
Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy (soumission et contraction d'appels d'offres)					
Famongorana ny fahantrana					
Fampihenana ny fahantrana amin'ny vondron'olona sahirana, indrindra ny tokantrano tantanim-behivavy	Fametrahana ny masontsivana hanasokajiana ny vondron'olona sahirana Fanisana ny isan'ny vehivavy mpitantana tokantrano sy fanadihadiana ny faharefoana misy eo aminy	Kaominina Fokontany	Tsy fantatra ny karazan'olona sahirana sy ny isany eo amin'ny Kaominina	Antontan-kevitra momba ny vondron'olona sahirana eo amin'ny Kaominina	Février 2012
	Fampiharana ny politikam-pampandrosoana ara-toekarena ny Kaominina izay mitsinjo ny miralenta sy vondron'olona sahirana	Kaominina Fokontany Fikambanana Mpiara-miombon'antoka	Tsy manana paikady mazava hitsinjovana ny sahirana	Mazava ny paikady hamongorana ny fahantrana	Février 2012
	Fanatanterahana ny laminasa efa norafetina izay mampihatra ny miralenta amin'ny fitantanana ary mitsinjo ny vondron'olona sahirana, indrindra ny				Asa mitohy

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	tokantrano tantanim-behivavy				
	Fanjohiana sy fanombanana ara-potoana ny fanatanterahana ny laminasa				Novembre 2011 – Novembre 2012
Fanohanana ny asa fandraharahana					
Fampiroboroboana sehampihariana isan-karazany (fiompiana sy fambolena)	1-Fanganana fikambanana mitovy sehampiahariana	1-KML FKT Service technique partenaire	1-Mbola mifangaro ny seham-pihariana ataon'ny fikambanana efa misy	1-Fikambanana maro tafantsangana ka mitady sehampiahariana	
	2- fitadiavana partenaire hanampy ara-bola , tcehnika , lalam-barotra,	2-KML Kaominina FKT Partenaire	2-Tsy fisian'ny fikambanana manana traikefa sy miara miasa amin'ny partenaire	2-Ny 50% fikambanana mijoro no miara miasa amin'ny partenaire	
Voavaha ny olona niseho netina teo anivon'ny kaominina indridnra fa ny ady tany sy ny tsy fandriampahalemana	1-Fampihavanana ireo mpifanadrina - Fizarana ny traikefa anana na aminn'y namana	1- kaominina -FKT Ray aman-dreny toteny - Kaomity miralenta - - dina	Maro ny disadisa etina eo anoloan'ny kaominina	60% ny disadisa misy no voavaha eo anivon'ny kaominina	2012-2013
(Efa voalaza etsy ambony cf : toe-karena sy famoronana asa)					
Sehatr'asa tsy manaram-penitra					
Firosoana amin'ny fanaraham-penitra sy ny ara-dalana amin'ny sehatr'asa rehetra	Fitiliana ireo fomba fiasa tsy manaram-penitra amin'ny sehatr'asa misy	Kaominina Fokontany Ministeran'ny asa	Betsaka ireo fikambanana na orinasa mbola tsy	Mijoro ara-dalàna ny orinasa na fikambanana	Avril 2012

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
misy eo amin'ny Kaominina (fambolena, varotra, fitrandrahana harena ankibon'ny tany, fizahan-tany)	eo amin'ny kaominina	BIT Mpamatsivola madinika (IMF)	manaram-penitra	rehetra misy eo amin'ny Kaominina ary foana ny fomba fiasa tsy manaram-penitra	
	Fampiofanana omen'ny Ministeran'ny asa mikasika ny fomba fiasa manaram-penitra eo amin'ny sehatr'asa isankarazany			Manaram-penitra 100 % ny sehatr'asa	Avril 2012
	Fanarahan-dia ireo fikambanana na orinasa madinika hijoro ara-dalana, indrindra ireo izay tantanim-behivavy				Avril 2012
INFRASTRUCTURE					
Toeram-ponenana					
Fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy karan-tany	-Fanetanana ny olona hana karatany -Fanenana 20% ny saran'ny kara-tany ho an'ny vehivavy	- Commune - Chef d'arrondissement administratif - Agent guichet foncier - Chef de Fokotany	Tsy fahampian'ny fanentanana momba ny zon'ny vehivavy sy ny fizakana ny fananana satria 90% tokantrano dia misoratra amin'ny lehilahy avokoa	Mihena 50% ny taha-pisoratam-pananana amin'ny lehilahy isan-tokantrano na fianakaviana	Ezaka mitohy
Rano sy fahadiovana ary herin'aratra					
Manana rano fisotro madio ny FKT rehetra ary mifanaraka	-Fanentanana ny olona sy fandresendahatra ny	CR- FKT- AKAE- BUSH PROOF- FIKAMBANAM-	-Tsy fahampian'ny rano ho an'ny FKT	-voaentana ny 80% ny mponina	Ezaka mitohy

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
amin'ny filàn'ny vehivavy izany	vahoaka - Fikojakojana - Fiofanan'ny komitin'ny rano vaovao izay vehivavy daholo - Fananganana vovonana	BEHIVAVY- KOMITY MIRALENTA	- Tsy ampy ny latsak'emboka sy ny fikojakojana	- Fotodrafitr'asa maharitra	
Ara-dalàna ny fahadiovana ara-batana sy fahadiovan'ny tokantrano	-Fanentanana sy fahalalana tsotsotra mikasika ny fahadiovan'ny vatana (hyiène corporelle et hygiene intime) ary ny fanadiovana ao an-tokantrano	Kaominina Fokontany Fikambanam-behivavy	Tsy voahaja ny fahadiovana	Hita maso ny fahadiovan'ny mponina	Ezaka mitohy
TONTOLO IAINANA MANARA-PENITRA SY AZO ANTOKA					
Fampihenana sy fizàrana manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro (mesures d'atténuation et d'adaptation)	Fampahafantarana ny fiatraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro	Kaominina Fokontany Minisitera ny Ala sy ny Tontolo iainana Komity Miralenta Mpara-miombon'antoka	Tsy fisian'ny paikady manoloana nyfiovaovan'ny toetr'andro	Tanteraka ny vina rehetra napetraka momba ny tontolo iainana	Juin 2012
	Famporisihana ny vehivavy hiroso amin'ny fanentanana momba ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fepetra atao mba hampihenana ny fiatraikan'ny				**Ezaka mitohy**

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	fiovaovan'ny toetr'andro				
	Ady amin'ny doro-tanety, fambolen-kazo, fanaovana pépinière, fanovana ny taom-pambolena				**Ezaka mitohy**
FANATSARANA NY FIOMPIANA SY FAMBOLENA MIFANARAKA AMIN'NY FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO	Fanentanana any ifotiny mifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetrandro	Kaominina FKT Partenaire	Tsy fahampian'ny fanentanana fiompiana sy fambolena mifanakaraka amin'ny fiovaovan'ny toetrandro	Voaentana ny 50% mpamboly sy mpiompy	
	Fampiofanana momba ny tekinika fambolena sy fiompiana mifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetrandro				
Fanarahamaso ny fahasalmana mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro a-olona (aretikibo)	Fanentanana ny ray amandreny mba hampiasa ny rano fisotro mandio (sureaux - Fandraisana andraikitra ny ray amandreny amin'ny fampiasana rano madio	CSB II	Be ny valanaretin'ny zaza	Voaentana ny 60% ny ray amandreny	
B- biby fiompy	Fanentanana ny mpiompy hanaraka ny torohevitrin'ny dokotera mbiby	Kaominina -FKT - Partenaire	Betsaka ny biby maty ny aretina	2012-2013	
Fampianarana sy	Fanentanana ny ray	Kaominina	Vitsy ny zaza mianatra	2012-2013	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
famporisihana ny ray amandreny hampianan-jazaza na dia miova ny toetrandro	aman-dreny	FRAM	satria noana fa tsy ampy ny vokatra		
Fahasalamana					
Fahazoan'ny lahy sy ny vavy fitsaboana ara-dalàna indrindra ny vehivavy mitondra vohoka sy zatovo vavy amin'ny fandrindrana ny fananahana	Fanatsarana hatrany ny asan'ny CSB amin'ny lafiny rehetra sy fiantohana ny fahampian'ny fanafody Fametrahana ivon-toeran-tserasera manokana ho an'ny zatovo vavy sy lahy hahafahany maka hevitra sy mifanakalo-hevitra momba ny fananahana mirindra sy ny fiarovan-tena amin'ny aretina azo amin'ny firaisana ara-nofo tsy voaaro	Kaominina Fokontany CSB Plateforme national des jeunes Agents communautaires Mpiara-miombon'antoka	Marisarisa ny fiahiana ny fahasalaman'ny lahy sy ny vavy	Mihena 75 % ny tahan'ny vehivavy maty am-piterahana Mihena 75 % ihany koa ny vohoka tsy nirina	**Ezaka mitohy**
Tanàna madio sy lavitry ny aretina	Famonoana voalavo mitondra peste amin'ny fanalana lobolobo Fanorenana WC Lava-pako isan-tokantrano manarapenitra	Kaominina Fokontany CSB Plateforme national des jeunes Agents communautaires Mpiara-miombon'antoka	Tsy fahampian'ny isan'ny mpitsabo ao amin'ny CR sy ireo komity ny fahasalamana isaky ny Fokontany. Tsy fisian'ny "mutuelle de santé"	Mitombo ny isan'ny mpiasan'ny fahasalamana Mitombo 100% ny lahy sy vavy salama tamin'ny 2012	Efa natomboka Novembre 2011

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
				Niakatra 80% ny tokantrano manana WC.	
NY MIRALENTA SY NY VIH-SIDA					
Fisorohana					
Ho lavitry ny tsimok'aretina VIH/SIDA ny tsirairay indrindra ny tanora lahy sy vavy	Fanentanana amin'ny fiarovan-tena amin'ny aretina azo amin'ny firaisana ara-nofo sy ny VIH Sida	Kaominina Fokontany CSB Agents communautaires Mpiara-miombon'antoka	Tsy mahalala momba ny lozaaterakin'ny VIH ny mponina Tsy misy ny fiarovan-tena Kely ny tahan'ny fitiliana Tsy ampy ny fitaovana ho enti-manentana sy ny fimailo	Mihena 70 % ny tahan'ny fizaham-pahasalamana noho ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo Mitombo 80 % ny tahan'ny fitiliana	Ezaka mitohy
	Fiantohana ny fahampian'ny fitaovam-panentanana sy fiarovan-tena isaky ny fokontany (afisy, dépliants, fimailo)				Ezaka mitohy
	Fanaovana fitiliana isan-taona				5 Juin 2012
Fitsaboana					
Efa voalaza etsy ambony cf : fahasalamana					
Fanatanjahatena – Fivoarana ara-piaraha-monina (ara-tsosialy)					
Fanomezana tontolo madio mampivoatra ny tanora vavy sy lahy ara-tsaina sy ara-	Fampitomboana ny foto-drafitrasa aram-panatanjahan-tena misy	Kaominina Fokontany Plateforme national des	Tsy fahampian'ny foto-drafitrasa Gaboraraka ny	Manana foto-drafitr'asa sahaza ny lahy sy ny	Août 2012 Ezaka mitohy

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
batana ary aram-pitondratena	eo amin'ny Kaominina Fanorenana toerana famakiam-boky sy fampivoarana ny fahalalana Fikarakarana hetsika fifaninanana samihafa Fandraisana fanampahan-kevitra amin'ny fanafoanana izay fomba rehetra mamporisika ny fironan'ny zatovo lahy sy vavy amin'ny fitondran-tena tsy mendrika (fandefasana horonan-tsary mamoa fady, fisian'ny fivarotan-taoka sy parafy maro sns)	jeunes Mpiara-miombon'antoka Tanora rehetra	fitondra-tena eo amin'ny fiaraha-monina	vavy ny Kaominina Voafehy ny fiainana ara-moraly eo anivon'ny Kaominina	
IV- FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO					
Fampitoboana ny isan'ny vehivavy miasa ao amin'ny Kaominina sy ny fokontany	-Fanaovana tolotr'asa -Fampanaovana fifaninanana araky ny mari-pahaizana takiana -Fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny	Kaominina Mptantsoroka	Tsy fahampian'ny vehivavy miasa ao amin'ny CR STAFF, CONSEILLERS	Miakatra 50% ny isan'ny vehivavy miasa ao amin'ny kaominina 2012	Ezaka mitohy

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	alalan'ny fanofanana				
Fifantenana sy fandraisana mpiasa					
Mangarahara ny fifantenana sy fandraisana mpiasa ary mitovy ny fepetra ahazoan'ny lehilahy sy ny vehivavy mifaninana	Mazava ny fomba fiasa amin'ny fandraisana mpiasa (manuel de recrutement) Atao afisy ny fepetra rehetra ilaina amin'ny fandraisana mpiasa	Kaominina Mpitantsoroka	Tsy mangaraharany fandraisana mpiasa	Ara-dalàna ny fampiharana ny fitsipika apetraka amin'ny fandraisana mpiasa	Janvier 2012
Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao					
Matihanina ireo mpiasan'ny Kaominina sy ny fokontany na lahy na vavy	Fampiofanana sy recyclage ho an'ny mpiasa lahy sy vavy momba ny asany Fampiofanana mampiasa solosaina sy ny internet	Kaominina Ministeran'ny Asa Mpitantsoroka	Tsy ampy ny fahaiza-manaon'ny mpiasa	Mpiasa matihanina	Ezaka mitohy
Mazava ny fepetra hitondrana ny mpiasa sy ny tombotsoa manokana azony eo amin'ny asa	Famolavolana ny fitsipika mifehy ny mpiasa ary fijrena manokana ny vehivavy (bevohoka sy mampinono)		Tsy misy ny fitsipika mifehy ny mpiasa	Voaaja ny fitsipika ary voajery manokana ny maha samihafa ny vehivavy	Janvier 2012
Tontolon'ny asa		-			
(Efa voalaza etsy ambony cf : toe-karena sy famoronana asa / Fisondrotana sy		-			

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
fanamafisana fahaiza-manao)					
Fitsinjovana ny vehivavy miasa izay kely anaka (latsaka ny 2 taona)	Fanomezana trano hanaovana ankanin-jaza sy mpiasa matihanina amin'ny fitaizana eny anivon'ny fokontany mba hahafahan'ny vehivavy miasa mahavita ny andraikiny antsakany sy andavany	Kaominina Fokontany Ministeran'ny Mponina Mpandrahraha Mpaira-miombon'antoka	Tsy misy ny ankanin-jaza	Misy ankanin-jaza isam-pokontany	Septembre 2012
V- RAFIM-PITANTANANA MIRALENTA					
Rafitry ny miralenta		-			
Fametrahana rafitra maharitra hanjohy ny fampiaharana ny miralenta eo anivon'ny Kaominina sy hiady amin'ny herisetrra mianjady amin'ny vehivavy sy ny ankizy	Fanentanana sy fampahafantarana faobe ny endrika herisetra sy ny lalàna velona mifehy izany	Kaominina Fokontany Sampandraharaha aram-pajakana Fiaraha-monim-pirenena : Fikambanana, fiangonana	Tsy mahalala ny lalàna momba ny herisetra ny mponina	Mahalala ny lalàna ny vahaka	Novembre 2011
	Fananganana ny Komity miralenta sy miady amin'ny herisetra Fandrafetana ny bokin'andraikitrin'ny Komity izay manaja ny soatavina miralenta		Tsy misy rafitra miady amin'ny herisetra	Voatsangana ny rafitra miady amin'ny herisetra	Novembre 2011
	Fampiofanana ireo mpikambana ao anaty Komity				Novembre 2011
Tetibola, fanaraha-maso sy tombana					

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
Fametrahana tetibola entina miasa hampanjariana ny miralenta	Rafetina ny tetibola mahakasika ny fampiharana ny miralenta ary ampidirina anaty tetibola Kaominaly 2012 Entina lanian'ny filakevitrin'ny Kaominina	Kaominina CC Komity miralenta	Tsy misy tetibola natokana ho an'ny fijerenea manokana ny miralenta amin'ny lafiny rehetra	Lanin'ny filan-kevitra kaominaly ny tetibola	Novembre 2011
	Fanetsehana ny loharanom-bola anatiny sy ivelany entina hampiroboroboana ny miralenta	Kaominina CC Komity miralenta	Tsy misy famatsiam-bola	Voavatsy vola 100 % drafitrasa	Novembre 20111
Fanjohiana sy fanombanana	Asa fanjohiana ataon'ny komitin'ny Miralenta	Kaominina Komity Miralenta	Tsy mbola misy asa natao	PV fanjohiana	Asa mitohy
	Atrikasa fanombanana ny zava-bita isaky ny enim-bolana	Kaominina Komity Miralenta	Tsy mbola misy asa natao	PV fanombana Fantsarana	Juin 2012 Décembre 2012
Fanamafisana fahaiza-manao					
Fahazoana antoka fa ampy fahaiza-mana ny mpikambana amin'ny Komity Miralenta hanatontosa ny andraikiny	Fampiofanana ireo Komity sy ny Tompon'andraikitra ao amin'ny Kaominina Tombana ny fiofanana	Kaominina Komity Miralenta Mpitantsoroka Mpiara-miombon'antoka	Tsy mbola miasa ny Komity Miralenta	Ampy fahaizana ny Komity Miralenta	Novembre 2011
TETIK'ASA FILAMATRA/LOHANY- HO FAMONGORANA NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY					
Fanohanana sy fanampiana					
Fandraisana an-tanana ireo olona iharan'ny herisetra	Fanomezana toro-lalana amin'ny fepetra tokony	KM Miralenta, CSB-POLICE-ZP-FITSARANA)	Tsy fahafantarana ireo toro-lalana sy ireo	Voaaro ny 30% niharan'ny	Ezaka mitohy

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	horaisina manoloana ny herisetra(		olona tokony hatonina	herisetra	
	Fanomezana trano fialofan'ireo hiaran'ny herisetra sady ivon-toeran-tserasera sy filan-kevitra	Kaominina KM Miralenta	Tsy misy trano azo ialofan'ny iaran'ny herisetra	Fantatrin'ny mponina ny antonina raha hiarana na mahita olona voan'ny herisetra	décembre 2011
	Fandravonana disadisa ateraky ny herisetra	FKT,CR,KM Miralenta, Ray aman-dreny to teny	Tsy ampy ny fanelanelanana eo amin'ireo miady	Mihena 30% ny disadisa misy	Ezaka mitohy
Fandridrana					
Fandrindran'asa eo amin'ny samy tompon'andraikitra manoloana ny tranga herisetra	Fivoriana fametrahana paikady handrindrana ny asa : Komity, Mpitandro-filaminana, Fitsarana, fahasalamana	Kaominina Komity Miralenta Polisy / ZP Fitsarana CSB	Tsy mbola misy ny asa natao	Mirindra ny asan'ny tompon'andraiktra rehetra	Ezaka mitohy
Fanjohiana ny fanampahan-kevitra noraisina	Manara-maso ny fampiharana antsakany sy andavany fanampahan-kevitra noraisina isaky ny tranga ary manao tatitra	Komity Miralenta	Tsy mbola misy ny asa	Voaaja ny fanampahan-kevitra rehetra	Ezaka mitohy
Vola ho enti-miasa					
(Efa voalaza etsy ambony : cf tetibola – fanaraha-maso – tombana)					
Fanaraha-maso sy tombana					
(Efa voalaza etsy ambony : cftetibola – fanaraha-maso –					

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
tombana)					
Fiarovana					
Vehivavy sy ankizy voaaro amin'ny herisetra Fiaraha-monina lavitran'ny herisetra	Fanadihadiana ny toe-zavamisy eo an-toerana mety hampisy herisetra na amin'ny olona rehetra, na amin'ny vehivavy sy ny ankizy manokana : tsy fahandriam-pahalemana, fomba amam-panao, tsenan'ampela, tsy fahampiana, tourisme sexuel Fandrafetana paikady fiarovana amin'ny herisetra	Kaominina Fokontany Komity Miralenta Mpitantsoroka	Baranahiny ny fiaraha-monina	Fantatra mazava ireo olana eo amin'ny fiaraha-monina ka mety hiteraka herisetra Manana paikady hiarovana amin'ny herisetra ny Kaominina	Décembre 2011
	Fanentanana faobe hialana amin'izay fomba amam-panao mamporisika ny herisetra	Kaominina Fokontany Komity Miralenta Mpitantsoroka		Resy lahatra ny mponina hiova fihetsika (changement de comportement)	Décembre 2011
	Fifehezana ny fandriam-pahalenama amin'ny alalan'ny kalaony Fanamafisana ny andrimasom-pokonolona	Distrika Kaominina Fokontany Mpitandro-filaminana	Betsaka ny herisetra noho ny tsy fandriam-pahalemana	Mandri-fahalemana ny tanàna	Ezaka mitohy
	Fandrafetana ny dina	Distrika	Tsy mbola misy ny	Tafapetraka ny	Mars 2012

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	hiarovana amin'ny herisetra ho anisan'ny dina manan-kery eo amin'ny kaominina	Kaominina Fokontany Komity Miralenta Mpitandro-filaminana Fitsarana VOI	dina	dina ary mahazo fankatoavana avy amin'ny Fitsarana	
Hetsika fanentanana mba hahatonga saina ny olona					
Fanentanana ny olona mba hanongotra ny herisetra amin'ny endriny rehetra	Fanatanterahana isan-taona ny hetsika 16 andro hiadiana amin'ny herisetra	Distrika Kaominina Fokontany Komity Miralenta Mpiara-miombon'antoka	Efa nanatanteraka	Tsara ny vokatrin'ny fanentanana	Ezaka mitohy
	Manao tetiandro mandritra ny taona entina hivoizana lohahevitra miady amin'ny herisetra	Kaominina Komity Miralenta	Tsy mbola misy tetiandro	Manana tetiandro mazava ivoizana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra	Janvier 2012
Ireo fanao tsara mampahomby indrindra					
Fanaparitana ireo fanao tsara efa nahitam-pahombiazana teo amin'ny fampiharana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra	Fanangonana ny traikefa tsara ary fanotana izany ho tahirin-kevitra azo aparitaka	Kaominina Fokontany komity miralenta Mpitantsoroka	Tsy mbola misy tahirin-kevitra	Tanteraka ny vina rehetra napetraka	Décembre 2012
Setriny					
Fametrahana tanjona antomotr'ezaka sy lavitr'ezaka araka ny laharam-pahamehana mikasika ny fametrahana fiaraha-monina milamina	Tanjona antomotr'ezaka : fampahalalana ny lalàna, fampiodinana ny rafitra efa mipetraka, fifehezana ny fandriam-pahalemana, fanaraha-	Kaominina Fokontany Komity miralenta Mpitandro-filaminana	Ny komity miralenta no efa mipetraka	Tanteraka ny vina rehetra napetraka	Novembre 2011 – Juin 2012

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA
	maso ny fandraisam-bahiny sy ny bar mandray zaza tsy ampy taona				
	Tanjona lavitr'ezaka : fandomana mba hialana amin'ny fomba tsy mampahomby (plaidoyer), fanabeazana mandavan-taona momba ny olom-pirenena vanona	Kaominina Fokontany Komity miralenta	Fanentanana momba ny miralenta no efa natao	Fiovan-toe-tsaina	Ezaka mitohy

TOVANA E – FAMINTINANA NY TOMBAN'NY ATRIK'ASA

FORMULAIRE D'EVALUATION

INFORMATION ADMISINSTRATIF

Sexe	☐ Lahy 4	☐ Vavy 19				
Firenena	Madagascar					
Kaominina	Isalo					
Taona	12-17	18-30 2	31-40 19	41-50 2	51+60	+60
Fianarana	Ambaratonga voalohany 1	Ambaratonga faharoa 15	Oniversitte 6	Fanofanana ara-kasa 2	Fampianarana olon-dehibe	

Tombana :

	Tena tsara	Tsara	Eo ho eo	Ratsy	Tena ratsy
1. fijotrin'ny fandaharana	18	5			
2. Momba ny fandaharana	18	5			
3. Tahirin-kevitra	20	3			
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	20	3			
5. Asa isam-baomiera	20	2	1		
6. vokan-tsoa		2	1		
7. Vokan-tsoa teo amin'ny fizotrin'ny fandaharana	18	5			
8- Tombon-tsoa eo amin'ny fandraisana fahalalana	18	4			
9. Tombon-tsoa eo amin'ny fivelarana	20	3			
10. Momba ny toerana, sakafo……	18	5			

Fanamarihana

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao ? Antony?
- Miralenta sy ny fampandrosoana ny toe-karena eny ifotony, ny fandravonana ady sy disadisa

- Fanatsarana ny drafitr'asa miralenta sy ady amin'ny herisetra eny anivon'ny kaominina
- Ny fivaovan'ny toe-trandro satria izao fa fantatra mazafa tsara ny atony nahatonga azy.
- Fandravonana disadisa satria nahazahoako hevitra rehefa misy olana.
- Fampandrosoana ny toe-karena eny ifotony satria mampitombo ny ezaka efa vita.
- Ny fandaharana rehetra natao teto dia nahafinaritra ahy satria nahafantarako zavatra betsaka.
- Ny asambaomiera satria nahafahana nifanakalo hevitra
- Ny fiovaovan'ny toetr'andro satria efa miatraika eto amin'ny faritra misy ahy.

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy dia nahafinaritra anao? Antony?
3. Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovonao teto amin'y fihofanana?

- Ny fandraisako anjara amin'ny asa rehetra izay ataon'ny kaominina
- Hampiariko amin'ny fiainako andavanadro sy eny anivon'ny fiaraha-minina
- Manatrika fampihavanana eny anivon'ny fokontany raha misy disadisa
- Hampiariko amin'ny mpiara-miasa izay tsy afaka niofana.
- Hanabeazana ny rehetra

Fanamarihana hafa ?

- Ny fitohizan'ny fihofanana toy itony
- Tsara raha mba haparitaka amin'ny kaominina manodidina ny fiofanana
- Fohy loatra ny fotaoana dia lasa tsy voahaza ny fotoana firavana

VOKATRA TRATRA

Ireo tonga nanatrika ny fanentanana dia nahazo fahalalana bebe kokoa momba ny :

- Nyserasera (communication)
- Ny fampandrosoana ara-toekarena (développement économique)
- Ny fiovan'ny toe-trandro (changement climatique)
- Ny VIH / SIDA
- Ny fandravonana disadisa (gestion de conflit)

Ireo rehetra ireo dia tafiditra ao amin'ny drafitr'asan'ny Kaominina (plan d'action revisée) sy teti-bola (budget)

DINGANA MANARAKA

Taorian'ny atrik'asa, dia nanapakevitra ny besinimaro fa hiatrika ny fifaninana Nasionaly